# MIVELONA

Nahitana fihenana ny taham-pahafatesan'ny ankizy latsaky ny dimy taona tato anatin'ny 15 taona farany: tamin'ny taona 2006 dia ankizy 72 amin'ny 1 000 no maty alohan'ny faha-dimy taonany, tamin'ny 2016 kosa dia nihena ho 59 izany

Zaza latasaky ny 5 taona 6 no maty isan'ora, ny 2 amin'izy ireo dia latsaky ny iray volana



# MIVELATRA : FAHASALAMAN'NY RENY SY NY FITERAHANA

## Fiterahana atrehin'ny mpiasan'ny fahasalamana

Ny antsasaky ny fiterahana ihany no aterhin'ny mpiasan'ny fahasalamana. Misy elanelana be eo amin'ny renivohitra (72%) sy ny ambanivohitra (40%)



## Fahafatesan'ny reny

Vehivavy 15 ka hatramin'ny 49 taona 10 isan'andro no maty noho ny fitondrana vohoka na ny fiterahana



**Reny 426 amin'ny zaza teraka velona 100 000**

## Fanabeazana aizana




40% ny vehivavy 15-49 taona manambady no mampiasa (na mampiasa ny vadiny) fomba fanabeazana aizana maoderina

# MIVELATRA: FAHASALAMAN'NY ANKIZY, SAKAFO SY FITOMBOANA

## Tsy fanjarian-tsakafo:

Ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka dia ilazana ny ankizy fohy loatra amin'ny taonany. Izany dia mahatonga tsy fahafahana mitombo ara-batana sy ara-tsaina ary vokatry tsy fahampian-tsakafo nandritra ny fotoana maharitra.




42% ny ankizy latsaky ny 5 taona dia tratry ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka




Ny tsy fanjarian-tsakafo mahery vaika kosa dia ilazana ny ankizy tsy ampy lanja raha mihoatra amin'ny halavany. Izany dia vokatry ny fahaverezan-danja haingana loatra na tsy fahafahana mitombo lanja. Ny ankizy tratran'ity tsy fanjarian-tsakafo ity dia mety ho faty saingy azo atao tsara ny mitsabo azy ireo.

6 % ny ankizy latsaky ny dimy taona no tratran'ny tsy fanjarian-tsakafo mahery vaika

## Fampinonoana sy sakafon'ny ankizy madinika

**51%** Misitraka ny fampinonoan-dreny tsy misy fanampiny mandritra ny 6 volana voalohany

**Taona: 0-5 volana**

**25%** Misitraka ny fihinana sakafo maro loko (karazan-tsakafo 4 na mihoatra amin'ireo karazan-tsakafo 8 misy)

**Taona: 6-23 volana**

## Fitomboan'ny ankizy madinika




ECDI: Tondro momba ny fitomboan'ny ankizy madinika
67% ny ankizy 3 ka hatramin'ny 4 taona no azo lazaina fa eo an-dalam-pandrosoana amin'ny sehatra telo farafahakeliny amin'ireto sehatra ireto: toe-batana, fianarana, fiaraha-monina sy fihetseham-po ary famakian-teny sy kajy.

## Zaza 12-23 volana nahazo ny vaksiny rehetra alohan'ny faherintaonany

Vaksiny rehetra: BCG, Polio 1-3, Penta 1-3, PCV 10 1-3, Rota 1-2 ary kitrotro




# MIANATRA

## Tahan'ny fianarana (nasiam-panitsiana):




**Tahan'ny fianarana amin'ny ambaratonga fototra (nasiam-panitsiana):**

Tahan'ny ankizy tokony mianatra amin'ny ambaratonga fototra (6-10 taona tamin'ny fidiran'ny taom-pianarana) izay mianatra amin'ny ambaratonga fototra na ambaratonga faharoa




**Tahan'ny fianarana amin'ny ambaratonga faharoa (nasiam-panitsiana):**

Tahan'ny ankizy tokony mianatra amin'ny ambaratonga faharoa (11-14 taona tamin'ny fidiran'ny taom-pianarana) izay mianatra amin'ny ambaratonga faharoa na mihoatra

## Taham-pahavitàna




**Taham-pahavitàna ny ambaratonga fototra:**

Tahan'ny ankizy 14-16 taona izay nahavita ny ambaratonga fototra

## Hay tao fototra:




Hay tao fototra amin'ny famakian-teny




Hay tao fototra amin'ny kajy

Hay tao fototra amin'ny famakian-teny: 1) mamaky 90% ny tantara fohy (teny malagasy na frantsay), 2) mamaly ireo fanontaniana 3 momba ny fahazoana ara-bakiteny, 3) mamaly ireo fanontaniana 2 mikasika ny fanakaran-kevitra

Hay tao fototra amin'ny kajy: 1) mamaky ny marika, 2) mamantatra ny marika sy manao fanampiana, ary 3) fahazoana sy famenoana modely

Ny fahaizana mamaky teny sy mahazo ny hevitra ao anatin'ny lahatsoratra fohy dia hay tao fototra tokony hananan'ny ankizy. Eto Madagasikara dia tena ambany ny fahaizana mamaky lahatsoratra fohy amin'ny teny malagasy na frantsay, mahazo hevitra ara-bakiteny sy manakatra hevitra ho an'ny ankamaroan'ny ankizy: ankizy iray 7-14 taona amin'ny efatra no manana ny hay tao fototra amin'ny famakian-teny narafitra tamin'ny fandaharam-pianaran'ny kilasy faharoa amin'ny ambaratonga fototra

## VOAARO AMIN'NY HERISETRA SY NY FANARARAOTANA

**Firaketana ny fahaterahana:**
ankizy latsaky ny dimy taona 8 ao anatin'ny 10 no voarakitra ao anatin'ny rejisitry ny sora-piankohonana.




**Asan'ny ankizy:**
47% ny ankizy 5-17 taona no efa tafiditra sahady ao anatin'ny sehatry ny asa




### Fitsipi-pitaizana ny ankizy

Ankizy sivy ao anatin'ny folo no iharan'ny fitsipi-pitaizana mahery setra izay miseho amin'ny sazy mahery vaika ara-batana na ara-tsaina. Reny na mpitaiza ankizy enina ao anatin'ny folo no milaza fa ilaina ny fanasaziana ara-batana amin'ny fanabeazana ny ankizy.




Fitsipi-pitaizana mahery setra

Mamilavila, mikapoka amin'ny tanana eo amin'ny sandry na tongotra, mikapoka eo amin'ny fitombenany na faritra hafa eo amin'ny vatany, ohatra amin'ny fehikibo, fihogo, hazo na zavatra mafy, mikapoka amin'ny tanana eo amin'ny fitombenany, mikapoka na mamelaka eo amin'ny tarehy, loha na sofina, mikapoka azy hatrany ary farany izay mafy

### Fanambadian'ny ankizy:




13% ny tovovavy ary 2% ny tovolahy 20-24 taona no manambady na miditra ao anatin'ny fiainan-tokantrano alohan'ny faha-15 taonany ary 40 % ny tovovavy sy 12% ny tovolahy ao anatin'io salan-taona io dia manambady na miditra ao anatin'ny fiainan-tokantrano alohan'ny faha-18 taonany

### Vehivavy 15-49 taona iharan'ny herisetra




## MIAINA AO ANATY TONTOLO IAINANA AZO ANTOKA SY MADIO

### Rano fisotro, fahadiovana sy fidiovana




**Rano:** Ny rano fisotro fototra (ODD 1.4.1) dia ireo rano madio azo ao anatin'ny 30 minitra avy eo an-trano ka tafiditra ao anatin'izany ny fandehanana, filaharana na fiandrasana ary fiverenana

**Fahadiovana:** Ny fahadiovana fototra (ODD 1.4.1) dia ireo kabone araka ny fenitra ary tsy itambarana amin'ny tokantrano hafa

**Fidiovana:** Ny fidiovana fototra (ODD 1.4.1 sy ODD 6.2.1) dia ny fananana toerana fanasana tanana misy rano sy savony

## MANANA VINTANA MITOVY HO TAFITA AMIN'NY FIAINANA

### Fahasembanana

9,6% ny ankizy 2-4 taona ary 14,2% ny ankizy 5-17 taona no manana fahasembanana




### Fiahiana ara-tsosialy

5,5% ny mponina no nisitraka fanampiana ara-tsosialy tsy misy tambiny tao anatin'ny 3 volana farany




Institut National de la Statistique (INSTAT)
Lot III R 245, Rue, Jules RANAIVO
BP 485, Anosy - 101 Antananarivo, Madagascar
Tel: (261-20) 22 216 52
Tranokala: web: www.instat.mg
Mailaka: info@instat.mg

Unicef Madagascar
Tahirimbolan'ny Firenana Mikambana ho an'ny Fahazazana
Maison commune des Nations Unies,
Zone Galaxy Andraharo
BP 732 Antananarivo
+261 20 23 300 92
antananarivo@unicef.org
www.unicef.org/madagascar
www.facebook.com/UNICEF.Madagascar
www.twitter.com/unicefmada



MICS

**Mamokatra porofo mba hanampiana ny ankizy**

## FANADIHADINA ISAM-BONDRONA MAHASAHANA TONDRO MARO, 2018

**Fintin'ny valim-panadihadiana**

instat · LA BANQUE MONDIALE · USAID · unicef pour chaque enfant